# 365Tantara 20.Ny vokatry ny fototra tsy ara-dalàna



# 20. Ny vokatry ny fototra tsy ara-dalàna

Tany Canada no niseho ny tantara. Nisy mpanorina trano iray nanorina faribohitra vaovao tany ambanivohitr'i Toronto. Faribohitra tena tsara ary ny trano tao dia lafo vidy, 200 000 ( roa hetsy) ka hatramin'ny 3 500 000 (dimy hetsy sy telo tapitrisa) euros no vidiny.Nanao dokam-barotra be dia be ilay mpanorina trano dia nahavita nivarotra ireo trano haingana. Voaorina talohan'ny fahavaratra ny trano. Tena finaritra ny tompon-trano vaovao. Tsara ny andro, tena kanto ny zaridaina, mampiadana sy mazava tsara ny ao an-trano. Nandritra ny fahavaratra dia nanararaotra ny andro tsara ny tompon-trano. Mitono hena, mandany ny tolakandro amoron'ny filomanosana. Tena fiainana mahafinaritra e!


Saingy nony tonga ny lohataona sy ny ririnina?



Ny olona rehetra mahafantatra fa any Canada, manomboka eo amin'ny faran'ny volana oktobra, dia manomboka ny fotoana sarotra, izany hoe ny orana sy ny oram-panala.

Tena mangatsiaka be ny ririnina. Rehefa nirotsaka teo amin'ireo trano tsara tarehy ny oram-panala sy ny orana dia tampoka teo nirodana tao anaty lavaka ny iray tamin'ireo trano ireo.

Andro vitsivitsy taty aoriana, dia nisesy nirodana ny trano. Fotoana fohy monja dia saiky ny trano rehetra no nirodana tao anaty lavaka, ary izay tavela nihetry, ny sasany zara raha nitsangana.



Teo anoloan'io voina lehibe io, dia voatery niaiky ny mpanorina trano fa naorina teo ambonin'ny toerana fanariana fako ity faribohitra ity. Satria izy maika ny hanorina sy hivarotra dia tsy naka fotoana hanamafisana ny tany, sy hanampiana tovontany hanotofana ny toerana. Tsy nanorina ambony fototra mafy sy mateza izy. Faly fotsiny izy nampifanongoa ny fako sy nanorina trano teo amboniny.



Miteny aminao ve izany? Ny fiainana kristianina koa dia tokony hiorina ambonin' ny fototra tsara.

Mampatsiahy antsika i Jesosy fa ny trano dia tsy maintsy miorina ambonin' ny vatolampy.

Io fototra io hoy ny Apóstoly Paoly: Dia i Jesosy, izay maty ho antsika teo amin'ny hazo fijaliana ary nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro faha telo.

Nampiany hoe: "tahaka ny fanaon' ny mpità-marika mahay no nanaovako ny fanorenana. Nefa aoka ny olona rehetra hitandrina izay arafiny eo amboniny", Korintiana voalohany toko faha 3 andininy faha 10.



Raha tsy miorina ambonin' io fototra tsara io ny fiainantsika kristianina, dia hirodana isika. Tena milaza zavatra ny sary. Ny Apostoly dia milaza koa fa ny fiainany rehetra talohan'ny nibebahany, dia heveriny ho "toy ny taimboraka na toy ny fako taloha".

Raha toa ka mikiry ny hanorina ny fiainantsika kristianina araka ny fomba fiheverantsika na ny fomba fiainantsika taloha isika, dia manorina ny fiainan-tsika ambonin' ny zava-poana sy maty ary tsy misy vidiny, izay hirodana raha vao misy tafio-drivotra kely fotsiny.

Raha tia hifahatra isika mandritra ny ririnina mamirifiry sy ny orana, ny ranomandry ary ny rivotra mandrendrika antsika, dia aoka isika hanorina ny fiainantsika eo ambonin'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesosy. Aoka avelantsika hiasa ao amin'ny fon-tsika io fahafatesana io mba hanafaka antsika amin'ireo "fotaky ny lasa" rehetra. Aoka avelantsika hampahery sy hanasitrana ny fontsika i Jesosy mba hifahatra isika ao anatin'ny tafio-drivotra.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Bernadette Mok. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa